# Lesona 11: Olana Sy Fahavoazana Maro Samihafa

## A. Misedra ireo tafio-drivotra eo amin'ny fiainantsika

1. Rehefa tratran'ny tafio-drivotra teo amin'ny Ranomasin'i Galilia ny mpianatra, inona ny fahasamihafana nentin'ny fanatrehan'i Jesosy teo amin'ny fiainan'izy ireo? Marka 4:35-41
2. Inona no fahasamihafana nentin'ny fanatrehan'i Jesosy teo amin'ny fiainan'i Marta sy i Maria rehefa niatrika tafio-drivotry ny famoizana teo amin'ny fiainany izy ireo? Jaona 11:32-44
3. Inona no fahasamihafana nentin'ny fanatrehan'i Jesosy teo amin'ny fiainan'ny vehivavy iray izay niharan'ny tafio-drivotry ny aretina teo amin'ny fiainany? Marka 5:25-34
4. Inona no tafio-drivotra natrehin'ireo mpianatra roa izay nandeha teny an-dalana ho any Emaosy? Inona no fahasamihafana nentin'ny fanatrehan'i Jesosy teo amin'ny fiainan'izy ireo? Lioka 24:13-24, 25-35
5. Inona no torohevitra omenao ny olona iray miatrika tafio-drivotra lehibe amin'izao fotoana izao?
6. Zarao ny fotoana niainanao tafio-drivotra teo amin'ny fiainanao. Inona no fahasamihafana nentin'ny fifandraisanao tamin'Andriamanitra nandritra io fotoan-tsarotra io?

## B. Mianatra avy amin'ny fijoroana vavolombelon'i Joba

1. Mpanara-dia mahatoky an'Andriamanitra i Joba, izay niatrika olana sy fahavoazana maro teo amin'ny fiainany. Inona no fantatsika momba an'i Joba? Joba 1:1-5
2. Inona ireo olana sy fahavoazana nanjo an'i Joba?
3. Niezaka nandresy lahatra azy ny naman'i Joba fa vokatry ny fahotany ny toe-javatra sarotra atrehiny. Araka io fijoroana ho vavolombelona io dia iza no fototry ny fahasahiranana niainan'i Joba ireo? Joba 1:9-12; 2:3-7
4. Inona no torohevitra nomen'ny vadin'i Joba azy hiatrehana ireo loza sy fahavoazana nanimba ny fiainany ireo? Joba 2:9
5. Zarao ny fotoana izay nahatonga anao ho nalaim-panahy handao an'Andriamanitra rehefa niatrika fihaikana lehibe teo amin'ny fiainanao?
6. Ahoana no nahafahan'i Joba nanao ireo fanambarana ao amin'ny Joba 13:15 sy 19:25 ireo?

## D. Mampifantoka ny masontsika amin'i Jesosy

1. Inona no fananarana omen'ny mpanoratra ny Bokin'ny Hebreo izay tena ilaina indrindra rehefa miatrika tafio-drivotry ny fiainana sy fahavoazana eo amin'ny fiainantsika isika? Hebreo 12:1-2
2. Inona no fampaherezana hitanao avy amin'ny fanambaran'ny apostoly Paoly ao amin'ny Romana 8:18 sy 8:28?
3. Inona no lesona lehibe indrindra nianaranao tamin'ny fianarana nataontsika androany?